



CENI/SEN/SEA/DIREELCOM/SCRIP- 004-21

## FAMPITAM-BAOVAO

**Antananarivo faha 29 Oktobra 2021**

Oktobra 2015- oktobra 2021. Enina taona katroka izay no niantohan'ny CENI na ny Vaomieram-pirenena Mahaleo tena misahana ny fifidianana, izay notarihin'Andriamatoa Me Hery RAKOTOMANANA ny fitantanana ny fifidianana teto Madagasikara. Na dia teo aza ireo fitsapana navaivay sy ireo tsikera, vao mainka namporisika ny CENI hiroso hatrany hatrany mba hanatsarana ny tetikasa hahatratrarany ny vina izay napetrany: "Fitantanana fifidianana azo antoka sy demokratika".

Natolotra androany 29 Oktobra 2021 tao amin'ny foiben-toerany tao Alarobia ny tatitry ny asa nandritra ny fe-potoam-piasan'ny Birao Maharitra 2015-2021. Izany tatitra izany dia mamaly ny andininy faha 21 sy 63 ao amin'ny lalàna lf. 2015-020 tamin'ny 19 Oktobra 2015. Ny voalohany dia milaza fa: "ny fe-potoam-piasan'ny mpikambana ao amin'ny birao maharitra ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny fifidianana dia enin-taona tsy azo havaozina", fa ny faharoa kosa dia manamafy fa "ny filohan'ny komisiona mahaleo tena misahana ny fifidianana dia tsy maintsy manao tatitra ankapobeny amin'ny fiafaran'ny fotoam-piasany".

Noraiketina anaty boky ahitana pejy 200 eo ho eo ny tatitra izay natolotra, nahafahan'ny CENI namaritra ireo dingana nampivoitra ny fanavaozana rehetra izay nentina sy ny asa rehetra izay nisongadina. Taratra ao anatin'izany boky izany ihany koa ny mikasika ny lafiny ara-bola sy ny famakafakana ireo loharanom-bola nampiasaina nanaovana ireo tetikasa isan-tsokajiny ary namintinana ireo tolo-kevitra rehetra avy any amin'ireo mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana sy ny CENI.

### **Fanavaozana**

Noho ireo traikefa rehetra sy fahaiza-manaon'ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ny CENI, eo amin'ny lafiny fitantanana ny fifidianana, nisy ireo fepetra sy fanavaozana izay nentin'izy ireo. Eo amin'ny lafiny fitantanana anatin'ny, nametraka fitantanandraharaha vaovao sy sampandraharaha vaovao ny CENI foibe andaniny. Ankilany kosa, talohan'ny taona 2017, voapetraka ihany koa ireo rafitra rehetra eny anivon'ny rantsamangaikany: Faritany (CEP), Faritra (CER), Distrika (CED), Kaominina (CEC) ary Fokontany (AE).

Eo amin'ny fitantanana ankapoben'ny fifidianana, mba hahafahana namaha ireo olana nitranga sy namaliana ny fepetra takian'ireo mpisehatra nandritra ny fifidianana, nanomboka nanatanteraka ireo asa samihafa voafaritra ao amin'ny programan'asany ny CENI. Isan'izany, ny eo amin'ny lafiny fitandroana sy fiarovana ny latsa-bato (fanomanana ny tatitra maivana sy azo antoka, fanamafisana sy fiarovana ny biletà tokana: sonia ao ambadiky ny biletà tokana

isaky ny karazana fifidianana, fanomezana isaky ny birao fandatsaham-bato ny taratasy vita pirinty mialoha izay nampiasaina nanaovana ny fitarainana rehetra).

Eo amin'izay lafiny izay ihany, dia niroso tamin'ny fanatsarana ny lisi-pifidianana ny CENI indrindra ny famadihana makany amin'ny fampiasana ny rindrambaiko "ORACLE" mba hanatanterahana ny fanambiny. Ity farany izay nanaovana fitsirihina manokana anatin'ny sy ivelany ny taona 2017.

Mba hiantohana ny fangaraharaha tanteraka amin'ny fizotry ny fifidianana, dia tsy nisalasala ny CENI nisokatra tamin'ireo mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana ka nanatanteraka fivoriana tamin'ny alàlan'ny sehatra ifampidinihina teny anivon'ny foiben-toerany sy teny anivon'ny rantsamangaikany. Toy izany koa, amin'ny lafiny fikirakirana ny voka-pifidianana vonjimaika, nanome halalana malalaka ny fampitahana ny voka-pifidianana ny CENI, ho an'ireo izay nangataka izany.

Eo amin'ny lafiny foto-drafitr'asa, nahavita efitrano fiasana teny anivon'ny renivohi-paritra roa izy ka notokanana tamin'ny fomba ofisialy izany. Ny iray tao amin'ny renivohitr'i Vakinankaratra raha tao Alaotra Mangoro ny iray. Izany no natao dia ho fanamafisana ny fanatsarana ny zotram-pifidianana malagasy.

Ankoatra izay, mamaly ny lalàna mihatra ankehitriny ity tatitra nataon'ny CENI ity, fa ihany koa, karazana fanilo hampitaina amin'ireo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra niala sy ireo izay vao hiditra.

Tamin'ny lahateny izay nataony, nandritra ireo atrik'asa natao teny anivon'ny Faritany, nandrafetana ity tatitra ity dia tsy mitsahatra ny nanamafy ny Filohan'ny CENI fa mijanona ho tahirin-kevitra mamaritra ny zavatra tsara novolavolaina izany, na nisy aza ny sakana sy ny fahasarotana tsy maintsy natrehin'ny CENI.

Noheverina ho tari-kevitra ho an'ireo mpikambana vaovao ao amin'ny Birao Maharitra sy ireo mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana mba hahafahany mitantanana ny zotram-pifidianana manaraka. Toy ny mahazatra, ho zaraina amin'ireo andrim-panjakana isantsokajiny rehefa avy natolotry ny filohan'ny CENI manontolo sy ampahibemaso ity tahirin-kevitra ity.

Farany, amin'ny fiafaran'ny fe-potoam-piasany, afaka miarahaba tena ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ny CENI noho ireo vokatra tsara azony, izay nitondra makany amin'ny: ny fifandimbiasam-pahefana manaja ireo fenitra ara-demokratika an-daniny ary ankilany, mitondra amin'ny fahamarinan-toeran'ny Andrim-panjakana. Vokatra ankasitrahana sy ekena izay manamarika ny tantaran'ny firenena.



CENI/SEN/SEA/DIREELCOM/SCRP-004-21

## COMMUNIQUE DE PRESSE

**Antananarivo, 29 octobre 2021**

Octobre 2015-Octobre 2021, 06 années que la Commission Electorale Nationale Indépendante (CENI), présidée par Me Hery RAKOTOMANANA, a assuré l'organisation des élections à Madagascar. Un mandat tantôt semé d'embuches, tantôt semé de critiques négatives, positives ou encore constructives, mais qui ont renforcé davantage la motivation de la CENI à aller de l'avant afin d'atteindre la vision qu'elle s'est imposée : « Gouvernance électorale crédible et démocratique ». Une vision animée par l'indépendance, l'impartialité, l'intégrité, la légalité, la transparence et le professionnalisme des membres du Bureau Permanent et de toute l'équipe de la CENI durant l'accomplissement de ses missions.

Une gestion des élections, qui a, en effet, connu des hauts et des bas et qui a évolué dans un contexte difficile, si l'on se fie au rapport de fin de mandat du Bureau Permanent, présenté ce jour au siège de la CENI à Alarobia. Un rapport qui répond conjointement aux articles 21 et 63 de la loi n°2015-020 du 19 octobre 2015. Le Premier dispose que « le mandat des membres de la formation permanente de la Commission Électorale Nationale Indépendante est de six ans non renouvelable », tandis que d'après le second, « le Président de la Commission Electorale Nationale Indépendante doit présenter un rapport général au terme de son mandat ».

Transcrit dans un document de plus de deux cent pages, la CENI y a retracé les grandes innovations et les réalisations marquantes du processus électoral, mais aussi, ce qui a trait aux questions financières et budgétaires. Un document qui a abordé également des aspects analytiques des ressources et des moyens mis en œuvre ainsi que la synthèse de toutes les recommandations émises par les parties prenantes et la CENI.

### **Innovations**

Compte tenu de l'expérience des membres du Bureau permanent de la CENI, en matière de gouvernance électorale, des mesures nouvelles et des innovations ont été mises en exergue. Concernant l'organisation de la CENI, pour répondre aux critères professionnels de nouvelles directions et services ont été créés d'une part, au niveau du siège. D'autre part, avant 2017, ont été mis en place tous les niveaux de démembrements : Provinces (CEP), Régions (CER), Districts (CED), Communes (CEC) et Fokontany (AE).

En matière d'opérations, l'équipe a initié différentes activités fixées dans son programme pluriannuel afin de résoudre les problèmes rencontrés et répondre aux exigences des acteurs, notamment en matière de sécurisation et de protection des votes (confection de PV allégés et sécurisés ; renforcement de la sécurisation des Bulletins uniques : signature au

dos des bulletins uniques lors de chaque type d'élections ; dotation à chaque bureau de vote de fiches pré-imprimées pour les éventuelles réclamations).

Sur cette même lancée, la CENI a basculé vers l'utilisation du logiciel ORACLE dans le but d'améliorer le fichier électoral. Ce dernier a fait l'objet d'audit interne et externe en 2017.

Pour la question de la transparence, la CENI n'a pas hésité à s'ouvrir à toutes les parties prenantes, en organisant des cadres de concertation tout au long de son mandat, tant au niveau central qu'au niveau des démembrements. De même, dans le traitement des résultats provisoires, la CENI a permis à la confrontation des PV à la demande des intéressés. Dans le domaine des infrastructures, ont été inaugurées des bureaux de la CENI dans deux chefs-lieux de Région de l'Alaotra Mangoro et de Vakinankaratra. Bref, ces innovations ont été des valeurs ajoutées à la réussite du processus électoral malagasy.

Par ailleurs, bien que ce rapport réponde aux textes en vigueur, c'est aussi, quelque part, une sorte de passation de flambeau entre les membres du bureau sortants et entrants. Le Président de la CENI, lors des ateliers provinciaux, relatifs à l'élaboration de ce rapport n'a pas omis notamment de préciser que celui-ci représente un document de mémoire qui retrace, non seulement, toutes les bonnes pratiques adoptées mais également les obstacles et les difficultés qu'a enduré la CENI durant son mandat.

Ce document se veut être un guide puisqu'il renferme toutes les recommandations émises par la CENI et les parties prenantes afin de gérer au mieux le prochain processus électoral. Comme de coutume, ce document est adressé à toutes les Institutions de l'Etat et est rendu public par les soins du Président de la Commission Électorale Nationale Indépendante dans son intégralité.

Enfin, au terme de son mandat, les membres du Bureau Permanent de la CENI peuvent se féliciter de tous les résultats positifs qui ont abouti : d'une part, à une passation de pouvoir respectant les principes d'alternance démocratique et d'autre part, à une stabilité institutionnelle. Des résultats reconnus et acceptés qui sont à marquer dans les annales de l'histoire du pays.